INBAR Technical Bulletin • #5



# Fampiasana fakabe ambolena sy azahoana zanaka volobe

Madagascar

INBAR
INTERNATIONAL NETWORK
FOR BAMBOO & RATTAN

This project is funded by the IFAD

IFAD
Investing in rural people

This project is funded by the European Union

## FAMPIDIRANA:

Ny famindrana fototra volobe dia fomba fanaon'ny tantsaha manerantany. Ny fototra afindra dia ahitana ampahan'ny taho, faritra ambonin'ny tany, (vaniny 3 na 5) ary ny ambanin'ny tany ahitana ny fakabe sy ny fakakely. Ireo zavatra afindra ireo arak'izany dia ahitana ireo singa rehetra ahafahan'ny volobe mitombo amin'ny maha zava-maniry azy. Ny fotoana tena tsara anaovana izany amin'ny taninjanakazo dia aloha kelin'ny fahavaratra izay fotoana tena maha betsaka ny tahirintsakafo sy ny tsirimpanentana anatin'ny tahon'ny volobe.

## FOMBA AZAHOANA NY FOTOTRA ENTINA AFINDRA



Misafidiana taho ana volobe tanora, 1 na 2 taona, amin'ny fototra volobe tianao ampitomboina



Tapaho ilay taho eo ambonin'ny vaniny faha 3 na faha 5 ambonin'ny tany. Tokony misy masony matanjaka tsara ao amin'ireo vaniny ireo. Raha tsy misy dia aleo manapaka ilay taho eo ambonin'izay misy maso na sampana (na mihoatra ny vaniny 5 aza tsy maninona)



Esory ny tany manodidina ilay faka ka tandremo sao manimba azy. Zahao ny faritra mampifandray ny fakaben'ilay taho amin'ny fakaben'ny taho hafa.



Tapaho amin'ny antsy na tsofa maranitra ny faritra mampifandray ny fakaben'ilay taho amin'ny fakaben'ny taho hafa ka tandremo tsara tsy ho voakitika ny maso sy ny tsiry mbola kely.



Saraho amin'ilay fototra lehibe ilay fototra kely miaraka amin'ny taho vao avy notapahinao teo. Avy hatrany dia ataovy anaty gony mando na zavatra hafa misy eo antoerana ka apetraho amin'ny aloka aryafindrao avy hatrany eny amin'ny tany ambolena azy na eny amin'ny taninjanakazo.

## FIKOJAKOJANA:

Ny fototra avy notapahina dia afaka apetraka any amin'ny taninjanakazo mandritra ny 1 na 2 volana (anaty tany fasehana na anaty pôt) ambany alokakaloka ary tondrahana matetika.

Rehefa manomboka ny fahavaratra dia afaka volena eny amin'ny tany voatokana ho amin'izany.






## FAMBOLENA:




Amin'ny fotoana fiandohan'ny fahavaratra no tena tsara ambolena ny fototra volobe notapahina satria mitsiry ireo mason'ny volobe hita amin'ny fakabe amin'io fotoana io. Tsara arak'izany raha tandremana fatratra ireo maso ireo rehefa mihady mamoaka ny fototra avy ao anaty tany. Marihina fa ireo maso ireo no mitsiry mihalava ka mivoaka lasa taho ety ambonin'ny tany.
Ny lavaka atao rehefa mamboly dia atao mifanaraka amin'ny halehiben'ny fakaben'ilay fototra hovolena. Ny karazany Oxytenanthera spp ohatra dia 30cmx30cmx30cm fa ny Bambusa spp sy ny Dendrocalamus spp kosa dia 50cmx50cmx50cm.

Ny teknika fampiasa dia indroa amin'ny halehiben'ny fakabe sy ny halaliny no anaovana ny halehiben'ny lavaka ambolena azy. Rehefa mamboly azy, na eny amin'ny taninjanakazo na amin'ny tany tena hitoerany dia mila satrohana tany na tainomby na sachet ny tendron'ireo tahon'ny fototra volobe mba tsy hahamora maina azy. Rehefa mamboly azy dia atao mijoro mahitsy tsara ny fototra volobe.

**Ny taha fitsirian'ny volobe novolena tamin'ny alalan'ny fototra nafindra dia ambony dia ambony. Io fomba io nefa dia manimba ny fototra reniny nakana azy. Tsy sahaza ho an'ny fambolena amin'ny velarantany lehibe ihany koa izy io satria sady lafo no mila fototra reniny betsaka.**
**Raha efa dila ny fotoam-pambolena dia afaka mampiasa ny ampahan'ny fototra volobe ho volena. Izany hoe misafidy fototra volobe misy fakabe 2 na 3 mifandray. Ampiasaina io teknika io indrindra ho an'ny volobe manify nofon-taho.**



*Ny famokarana Ito boky ito dia nahazo ny fanohanan'ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena.Ny votoatin'ity boky ity dia andraikitry ny INBAR samy irery ary tsy mamatotra ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena*


Raha mila fanazavana fanampiny dia antsoy ny:

INBAR secretariat:
No. 8, Fu Tong Dong Da Jie, Wang, Jing Area, Chaoyang District, Beijing 100102 , P.R. China
Telephone: +86-10-6470 6161, +86-10-8471 3337, +86-10-6471 7108
Fax: +86-10-6470 2166 | Email: info@inbar.int